

## FANANTENANA HO AN'NY FIANAKAVIANA

(Ity toriteny ity dia nomanin'i Dr. K. H. Rakwena, Talen'ny Departemanta Fianampianakaviana eo anivon'ny Diviziona Afrika Atsimo sy Oseana Indiana, mba hampiasaina ao amin'ny faritra Oseana indiana amin'ny 20 Febroary 2021. Azo amboarina araka izay ilàna izany.)

### Genesisy 32

<sup>1</sup>Ary nifoha maraina koa Labana, dia nanoroka ny zanani-lahy sy ny zanani-vavy ka nitso-drano azy; dia lasa nandeha Labana nody any amin'ny fonenany. <sup>2</sup>Ary Jakoba nizotra tamin'ny làlan-kalehany, dia nisy anjelin'Andriamanitra nitsena azy. <sup>3</sup>Ary hoy Jakoba, raha nahita ireo: Tobin'Andriamanitra ity; ary ny anaran'izany tany izany nataony hoe Mahanaima.

Ny nihaonan'i Jakoba sy Esao.

<sup>4</sup>ARY nandefa iraka Jakoba hialoha azy ho any amin'i Esao rahalahiny, ho any Seïra, tanin'i Edoma. <sup>5</sup>Ary nanome teny azy izy ka nanao hoe: Izao no holazainareo amin'i Esao tompoko: Izao no tenin'i Jakoba mpanomponao: Efa nivahiny tany amin'i Labana aho ka nitoetra tany mandraka ankehitriny; <sup>6</sup>ary manana omby sy boriky sy ondry aman-osy ary andevolahy aho; dia efa mba naniraka hanambara aminao tompokolahy ihany aho mba hahitako fitia eo imasonao.

<sup>7</sup>Dia niverina tany amin'i Jakoba ny iraka ka nanao hoe: Tafahaona tamin'i Esao rahalahinao izahay, ary izy koa dia avy hitsena anao mitondra olona efa-jato lahy.

<sup>8</sup>Dia natahotra indrindra Jakoba ka poritra dia poritra; dia nozarainy roa toko ny olona izay nombra azy mbamin'ny ondry aman-osy sy ny omby ary ny rameva; <sup>9</sup>fa hoy izy: Raha tafahaona amin'ny antokony anankiray Esao ka mamely azy, dia handositra kosa ny antokony anankiray.

<sup>10</sup>Ary hoy Jakoba: E Andriamanitr'i Abrahama raiko, sady Andriamanitr'Isaka raiko, dia Jehovah Izay efa nanao tamiko hoe: Modia any amin'ny taninao sy any amin'ny havanao dia hanao soa aminao Aho; <sup>11</sup>tsy mendrika ho nahazo na kely akory aza aho tamin'ny famindrampo rehetra sy ny fahamarinana rehetra, izay nataonao tamiko mpanomponao; fa tsy nitondra na inona na inona afa-tsy ny tehiko ihany aho fony nita ity Jordana ity; nefa ankehitriny efa tonga toby roa aho. <sup>12</sup>O vonjeo aho amin'ny tanaan'ny rahalahiko, dia amin'ny tanaan'i Esao; fa matahotra azy aho, fandrao avy mamely ahy mbamin'ny vadiko aman-janako izy. <sup>13</sup>Fa Hianao efa nanao hoe: Hanisy soa anao tokoa Aho, ka hataoko maro ny taranakao ho tahaka ny fasika any an-drano-masina, izay tsy azo isaina noho ny hamaroany.

<sup>14</sup>Dia nitoetra teo izy tamin'iny alina iny; ary naka tamin'izay teo an-tànany izy mba hampanaterina ho an'i Esao rahalahiny, <sup>15</sup>dia osivavy roan-jato sy osilahy

roa-polo, ondrivavy roan-jato sy ondrilahy roa-polo <sup>16</sup>ary rameva telo-polo ampianahany, vantotr'ombivavy efa-polo sy vantotr'ombilahy folo, borikivavy roa-polo ary zana-boriky folo. <sup>17</sup>Dia natolony teo an-tànan'ny mpanompony ireny, mitokantokana isan-toko; ary hoy izy tamin'ny mpanompony: Mandehana eo alohako, ary asio elanelany eo amin'ny isan-toko.

<sup>18</sup>Dia nanome teny ny voalohany izy ka nanao hoe: Raha mifanena aminao Esao rahalahiko ka manontany anao hoe: An'iza hianao? ary hankaiza moa? ary an'iza ireo alohanao? <sup>19</sup>dia lazaonao hoe: An'i Jakoba mpanomponao ireo, dia zavatra nampanaterina ho an'itompokolahy Esao; ary indro koa izy ao aorianay ao. <sup>20</sup>Ary nanome teny ny faharoa sy ny fahatelo koa izy, ary izay rehetra nandeha nanaraka ny isan-toko, ka nanao hoe: Araka izany teny izany no lazaonareo amin'i Esao, raha hitanareo izy. <sup>21</sup>Ary lazao hoe koa: Indro, Jakoba mpanomponao ao aorianay ao. Fa hoy izy: Hampionona ny hatezerany aho amin'ireo zavatra nampialohaiko ireo, ary rehefa afaka izany, dia vao hahita ny tavany aho; angamba hahazo fitia aminy aho. <sup>22</sup>Ary dia lasa nialoha azy ireny zavatra nampanateriny ireny; fa izy mbola nitoetra teo amin'ny toby ihany tamin'iny alina iny.

<sup>23</sup>Dia nitsangana tamin'iny alina iny ihany izy ka nitondra ny vadiny roa vavy sy ny ankizivaviny roa ary ny zanani-lahy iraika ambin'ny folo, dia nita tamin'ny fitana tao Jaboka izy. <sup>24</sup>Ary naka azy ireo izy, dia nampita azy tamin'ny renirano, ary nampita ny fananany koa izy.

<sup>25</sup>Dia Jakoba irery no sisa nitoetra teo; ary nisy lehilahy anankiray nitolona taminy ambara-pahazavaratsin'ny andro. <sup>26</sup>Ary rehefa hitany fa tsy naharesy azy izy, dia notendreny ny foto-peny; ka dia nivika ny foto-pen'i Jakoba, raha mbola nitolona taminy izy.

### **Fampidirana:**

Ny Genesisy toko faha-32 dia manambara fa misy Fanantenana ho an'ny Fianakaviansika. Raha hain'Andriamanitra ny niaro an'i Jakoba sy ny ankohonany raha nenjehin'i Esao izy, dia azo antoka fa Andriamanitra dia hamonjy ny ankohonana rehetra izay manatona Azy amim-pibebahana sy amim-panetren-tena. Io tantara io ihany koa dia manasongadina fa isaky ny manapa-kevitra hanao fanandramana miaraka amin'Andriamanitra isika, mba hiaina am-pahatokiana, hamela heloka, sy hanatanteraka ireo nofinofy mendrika eo amin'ny fiainantsika, dia manongilan-tsofina ny devoly ary miezaka manakivy antsika, miezaka manaisotra ny fiadanam-pontsika, ary mihaika ny finoantsika sy ny fahavononantsika, ary manakorontana ny fianakaviansika. Ary ny Genesisy toko faha-32 dia maneho amintsika fa ny finoana sy ny vavaka no fomba mahomby indrindra hihazonana ny firaisan'ny fianakaviansika. Ny finoana sy ny vavaka no fiarovana ho an'ny ankohonana, mampiray ny

fianakaviana, ary manome fanantenana sy faharetana ho an'ny ankohonana na inona na inona zava-mitranga, indrindra amin'izao fotoan-tsarotra izay iainantsika ankehitriny izao.

### **Ny Genesisy 32 dia misy itovizany amin'ny Lioka 15:11-32**

1. Ireo tantara roa ireo dia samy miresaka ray nanan-janaka roa lahy, ilay zandriny nandao ny tokantrano mba ho an'ny an-tany lavitra, ary noho ny toe-javanitranga dia samy niverina tao an-tranon-drainy izy ireo.
2. Ireo zanaka lahy ao amin'ireo tantara ireo dia samy nikatsaka ny harenan-drainy ary naniry hanana fiainana miadana sy miroborobo. Ary samy vonona izy ireo hanao izay rehetra azony natao mba hahazoany izay notadiaviny.
3. Ireo faralahy ao amin'ireo tantara roa ireo dia samy niverina ary niatrika ny rainy, ny zokiny, ny fiaraha-monina, sy Andriamanitra izay nanaovany fahotana.
4. Ireo zandriny roa ireo dia samy nianatra tao anatin'ny toe-javatra nangidy taminy fa “misy lâlana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo lâlana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany.” Izany hoe, rehefa tsy omentsika ny toerana saha Azy eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra, dia misy zavatra tsy milamina, na inona na inona fiezahantsika.
5. Ireo zandriny roa ireo, rehefa nody tao an-tranon-drainy, dia samy naniry homena ny toeran'ny mpanompo fa tsy tompo. Tonga mpanetry tena izy ireo, vonona ny ho eo amin'ny toerana ambany, ary nikatsaka fihavanana tamin'Andriamanitra sy ny olona.

### **Ny fahasamihafana eo amin'ireo zanaka lahy zandriny roa lahy:**

- A. Ilay zanaka mpandanilany foana ao amin'ny Testamenta Vaovao, rehefa nandao ny tokantranon-drainy, dia nanan-karena be. Nasehosehony tamin'ny olon-drehetra izany harenany izay azony tamin-drainy izany, namidiny ireo biby fiompy ary nahazo vola be izy. Azony avokoa izay rehetra niriany ary nandeha

tany amin'ny firenena lavitra izy. Very tany amin'izany firenen-davitra izany avokoa ny fananany rehetra.

Ilay zanaka lahy nisintaka ao amin'ny Testamenta Taloha kosa dia nahantra tanteraka fony izy nandao ny tokantranon-drainy. Tsy nanana na inona izy ary nilaozany avokoa ny fananan-drainy. Nandao tahaka ny mpangataka izy, tsy nanana na inona na inona. Very avokoa izay niriany sy nokasainy. Ny zavatra nafafoiny dia tao an-trano fa tsy tany an-tany lavitra.

- B. Rehefa nody ilay zanaka adala ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia tsy nanana na inona na inona intsony afa-tsy tanam-polo izy; vonona handray izay homen'ny rainy.

Fa rehefa nody kosa ilay zanaka adala ao amin'ny Testamenta Taloha dia efa vita fihavanana tamin'Andriamanitra sady notahian'Andriamanitra. Nanankarena be izy. Nanana amby ampy izy ary afaka nizara tamin'i Esao aza.

- C. Ilay zanaka adala ao amin'ny Testamenta Vaovao dia notsenain-drainy izay niandry ny hiverenany.

Ilay zanaka adala ao amin'ny Testamenta Taloha dia notsenain'ny zokiny lahy, ilay fahavalony izay tsy naniry ny hiverenany. Andriamanitra no nanakana an'i Esao tsy hanisy ratsy an'i Jakoba.

- D. Ilay zanaka lahy ao amin'ny Testamena Vaovao, rehefa nody, dia feno fanenenana sy alahelo ary tebiteby momba izay zavatra hitranga rehefa tafody izy, ny nandrisika azy hiverina dia ny fitiavan-drainy, tiany na dia ireo mpanompony aza. Natoky izy fa ny rainy dia "hijery ny ao ankoatry ny fahadisoany ka hahita ny filàny."

Ilay zanaka adala ao amin'ny Testamenta Taloha kosa, rehefa nody, dia feno fanenenana sy tebiteby ary tahotra ny amin'izay hataon'i Esao aminy, ny nandrisika azy hiverina dia ny teny fikasan'Ilay Rainy tia azy any an-danitra. Nilaza tamin'i Jakoba tamin'ny nofy Andriamanitra, ao amin'ny Genesisy 31,

mba hiverina any amin'ny tany niaviany, ary nampanantena an'i Jakoba Izy fa hikarakara azy, ary ho tonga firenena lehibe eto ambonin'ny tany izy. Efa navotan'Andriamanitra tamin'ny tana mampahorian'i Labana dadatoany i Jakoba, ary fantatr'i Jakoba fa afaka manavotra azy koa Andriamanitra raha hiatrika an'i Esao rahalahiny izy.

### **Jakoba:**

Raha nizotra ho any amin'ny tany nampanantenaina i Jakoba, ho any an-tany Kanana, noho ny fankatoavany ny baikon'Andriamanitra mba hodiany, dia tsaroany fa io no lalana nolalovany roapolo taona lasa izay, fony izy nandositra ny fahatezeran-drahalahiny. Ny fahotany, tamin'ny namitahany ny rainy jamba, dia teo anatrehany mandrakariva. Fantany fa ny fivahinianany lavitra nandritra ny fotoana ela dia vokatra mivantana naterak'izany fahotana izany, ary nisaintsaina andro aman'alina ny amin'izany zavatra izany izy; nanameloka azy ny feon'ny fieritreretany, ka vonton'alahelo izy teny an-dàlana. Nampihetsi-po lalina azy izany hoe hody. Tazany ireo tendrombohitra nampatsiahy azy ny fahazazany. Niharihary teo anatrehany ny lasany. Kanefa niaraka tamin'ny fahatsiarovany ny fahotany dia mby an-tsainy koa ny fahatsaran'Andriamanitra taminy, sy ny teny fikasana fa hanampy azy sy hitarika azy Andriamanitra. Rehefa nanakaiky ny toerana hitodiany i Jakoba dia niteraka fihetseham-po maro tao aminy ny fisaintsainana momba an'i Esao. Taorian'ny fandosiran'i Jakoba dia nihevi-tena ho hany mpandova ny fananan-drainy i Esao. Ny vaovao momba ny fiverenan'i Jakoba dia mety hamoha tahotra tao amin'i Esao fa tonga hitaky lova izy, ary mety ho vonona hamalifaty sy hiady amin'i Jakoba izy.

Rehefa hitan'i Jakoba ireo mariky ny fiarovan'ny anjelin'ny lanitra ny fianakaviany izay toa nialoha lalana sy nanaraka azy ireo; ary tsaroan'i Jakoba ilay fahitana tao Betela taona maro lasa tany aloha, dia nihamaivamaivana ny fony noho izany porofo izany fa ireo mpitondra hafatry ny lanitra izay nitondra fanantenana sy herim-po ho azy fony izy nandositra avy any Kanana ihany koa no mpiambina azy amin'ny fiverenany. Ary hoy izy, "Tobin'Andriamanitra ity; ary ny anaran'izany tany izany nataony hoe Mahanaima."—"Toby roa."

Kanefa tsapan'i Jakoba fa nisy zavatra tsy maintsy nataony mba hiarovana ny fianakaviany. Naniraka mpitondra hafatra hanambara fiarahabana sy fampihavanana tany amin-drahalahiny izy. Nafarany ireo mba hilaza tsara ny teny izay hambaran'ny amin'i Esao, ary hiantso azy hoe "Esao tompoko" rehefa tonga eo anatrehany, ary hilaza momba ny tenany hoe "Jakoba mpanomponao." Ary nitandrina fatratra i Jakoba tamin'ny fandefasany ny hafatra hoe: "manana omby sy boriky sy ondry aman-osy ary

andevolahy aho; dia efa mba naniraka hanambara aminao tompokolahy ihany aho mba hahitako fitia eo imasonao.”

1. Nantsoin'i Jakoba hoe “Esao tompoko” i Esao, ary ny tenany dia nataony hoe “Jakoba mpanomponao,” mba hanoharana ilay vavaka fanambarana mialoha nataon-drainy ao amin'ny Genesisy toko faha-28. Raha nitahy an'i Jakoba ny rainy dia nambarany fa izy no hanapaka ireo rahalahiny rehetra. Ankehitriny anefa dia omen'i Jakoba an'i Esao rahalahiny izany anara-mboninahitra izany. Nampitsimbadihan'i Jakoba ny toerana tao amin'ny fianakaviana. Hoy izy mantsy an'i Esao: “Tsy mampaninona ahy raha omena anao ny anaram-boninahitra hoe ‘Tampo’.”
2. Nandefa hafatra tamin'i Esao i Jakoba fa “manana omby sy boriky sy ondry aman-osy ary mpanompo.” Ary nandefa fanomezana biby fiompy voafantina ho an'i Esao, ho fanehoana fa hody izy ary tsy tonga hiady ny lova avy amin-drainy. Ambaran'i Jakoba hoe: “manana ny ampy aho. Afa-po amin'izay ananako aho. Tahian'Andriamanitra aho. Hiverina hody fotsiny no anton-diako.”

Kanefa ireo mpitondra hafatra dia niverina niaraka tamin'ny vaovao mampalahelo hoe avy manatona i Esao miaraka amin'ny miaramila efajato. Toa niharihary fa tonga hamaly faty izy. Raiki-tahotra ny rehetra tao an-tobin'i Jakoba. “Dia natahotra indrindra Jakoba ka poritra dia poritra.” Tsy afaka niverin-dàlana izy, sady natahotra ny handroso. Nandefa fanomezana sarobidy avy amin'ny biby fiompiny ho an'i Esao izy, niaraka tamin'ny hafatra mangata-pihavanana. Nanao izay rehetra azony natao izy mba hanonerana ny ratsy vitany tamin-drahalahiny sy hisoroahana ny loza nananontanona, ary tamim-panetren-tena sy fibebahana no nitalahoany ny fiarovan'Andriamanitra, nanao hoe:

*“E Andriamanitr'i Abrahama raiko, sady Andriamanitr'Isaka raiko, dia Jehovah Izay efa nanao tamiko hoe: Modia any amin'ny taninao sy any amin'ny havanao dia hanao soa aminao Aho; tsy mendrika ho nahazo na kely akory aza aho tamin'ny famindrampo rehetra sy ny fahamarinana rehetra, izay nataonao tamiko mpanomponao; fa tsy nitondra na inona na inona afa-tsy ny tehiko ihany aho fony nita ity Jordana ity; nefa ankehitriny efa tonga toby roa aho. O vonjeo aho amin'ny tanaan'ny rahalahiko, dia amin'ny tanaan'i Esao; fa matahotra azy aho, fandrao avy mamely ahy mbamin'ny vadiko aman-janako izy.”*

*Tonga teo amoron'ny renirano Jaboka izy ireo, ary efa ho hariva ny andro, dia nalefan'i Jakoba hiampita ny fianakaviany, fa izy kosa nitoetra irery. Nanapa-kevitra hivavaka nandritra ny alina izy, te hiresaka manokana amin'Andriamanitra. Hain'Andriamanitra ny nampalefaka ny fon'i Esao. Andriamanitra no hany fanantenana ho an'i Jakoba. Irery tany antsefatsefaky ny tendrombohitra izy, notandindonin-doza ny amin'ireo bibidia sy mpangalatra. Irery, tsy nisy mpiaro, niankohoka tamim-pitalahoana. Nisasaka ny alina. Lavitra azy ireo olona akaikin'ny fony, marefo, voahodidin'ny loza sy ny fahafatesana. Nangidy taminy indrindra ny fahafantarany fa noho ny fahotany no nahatonga loza tamin'ireo tsy manan-tsiny. Tamim-pitalahoana sy ranomaso fatratra no nitalahoany tamin'Andriamanitra. Tampoka teo dia nisy tanana mahery nihazona azy. Noheveriny fa fahavalo nitady hamono azy ary nitolona tamin'ilay olona nihazona azy izy. Tao amin'ny haizina dia niady izay ho mpandresy izy ireo. Tsy misy teny voatonona, fa nampiasa ny heriny rehetra i Jakoba ary tsy nampihena ny fikirizany na dia kely monja aza. Raha mbola*

*nitolona toy izany hanavotra ny ainy izy dia navesatra tao amin'ny fanahiny ny fahatsapany ny fahamelohany; nijoro teo anatrehany ireo fahotany, mba hanasaraka azy tamin'Andriamanitra. Kanefa tao anatin'izany fotoan-tsarotra indrindra izany no nahatsiarovany ny teny fikasan'Andriamanitra, ary tamin'ny fony rehetra no nitalahoany famindram-po tamin'Andriamanitra. Nitohy efa ho mandra-maraina ilay fifampitolomana, tamin'izay no notohinin'ilay olon-tsy fantatra ny foto-pen'i Jakoba, ary nalemy avy hatrany izy. Tamin'izay vao fantatr'ity patriarka hoe iza ity mpifanandrina aminy. Fantany fa mpitondra hafatra avy any an-danitra ilay nifampitolona taminy, ary izany no tsy nandreseny azy na dia efa nampiasa ny heriny rehetra aza izy. Niseho taminy Jesosy Kristy, 'Ilay Anjelin' ny fanekena'. Na dia mpanota sy efa trotraka aza i Jakoba, dia tsy niala taminy fa vao mainka koa nifikitra sy 'nitomany izy sady nifona taminy '2, nitady porofo izy fa efa navela ny fahotany. Na dia teo aza ny fanaintainana ara-nofy nanjo azy. dia tsy nety niala tamin' ilay anton- javatra tokana niriny ny eritreriny, ka dia nitombo ny finoany. Nitady handeha Ilay Anjely ka nanao taminy hoe: 'Avelao Aho handeha fa efa mazava ratsy ny andro '. Fa hoy kosa Jakoba: 'Tsy havelako handeha Hianao, raha tsy tahinao aho'. Raha fizahozahoana no nitenenany izany, dia ho ringana niaraka tamin' izay izy. Tsy izany anefa no izy, fa teny vokatry ny fahatokiany be dia be nentanim-po mafana izany. Jakoba, izay efa niaiky ny tsy fahamendrehany, dia niantehitra tamin' ny fahatokiany an' Andriamanitra, dia Ilay Andriamanitra mahatoky ka manatanteraka ny teny fikasany. (PM, 191)*

*Raha mbola nitolona tamin' Ilay Anjely i Jakoba, dia nisy iraka avy any an-danitra hafa koa nalefa tany amin' i Esao. Nahita ny rahalahiny tamin' ny nofy Esao, mody rehefa avy sesi-tany nandritra ny roa-polo taona, mitánondrika, ory dia ory manoloana ny fasan- dreniny. Tamin' io nofy io ihany koa dia nahita ny tobin' i Jakoba izy, voahodidin' ny tafiky ny lanitra. Notantarainy tamin' ny efa- jato lahiny izany nofiny izany, sady nanome baiko hentitra azy izy mba tsy hisy hanao na inona na inona amin' ny rahalahiny, satria, Andriamanitra no miaro azy. (PM, 195).*

### **Lesona tsoahina:**

- (1) Mpanao ny rariny Andriamanitra, tsy mamela ho tsy manan-tsiny ny meloka ary mamaly ny fahotana ataontsika. Ary koa raha mbola maharitra ny andron'ny tany ka tsy mikatona ny androm-pahasoavana, dia misy fanantenana ho an'ny mpanota izay miverina mody, mihavana amin'Andriamanitra sy ny olona. Tsy misy olona lavitra loatra ka tsy ho afaka hody. Tsy mbola nolavina ianao. Tsarovy ny fitiavana sy ny fahasovan'ny Rainao izay any an-danitra. Ny tantaran'i Jakoba dia antoka fa tsy hafoin'Andriamanitra ireo izay voafandriky ny fahotana kanefa miverina amin'ny amim-pibebahana marina sy amim-panetren-tena. Ao amin'ity tantara ity dia ampianarin'Andriamanitra isika fa ny herin'Andriamanitra sy ny fahasovan'ny irery ihany no afaka hahazoantsika fitahiana tsy miharoharo fanaovan-dratsy. Rehefa hodidinin'ny loza isika, ary mitambesatra amin'ny fanahintsika ny famoizam-po, dia tsy maintsy miantehitra tanteraka amin'ny fahamendrehan'i Jesosy Kristy isika, Ilay Tompo sy Mpamonjy antsika.
- (2) Na dia manana antoka aza ianao fa momba anao Andriamanitra ary nankato ny feony ianao, dia ho avy hatrany ny devoly hitondra fisalasalana, tahotra, sy hampatsiahy anao ny ratsy vitanao tamin'ny lasa, mba hanakivy anao sy hanaisotra ny finoanao an'Andriamanitra.

- (3) Nanavotra ny fianakavian'i Jakoba Andriamanitra, ary nampihavana ny fianakaviana noho ny Anarany. Te hanavotra anao sy ny fianakavianao koa Andriamanitra.
- (4) Mahatonga fahagagana ny vavaka; nivavaka ho an'i Esao i Jakoba, kanefa ny tenany koa dia voaovan'ny vavaka nataony. Rehefa mivavka ho an'ny zanatsika, ny ray aman-drenintsika, ny vadintsika, sns. Isika, dia mahakasika ny fontsika ny vavaka ataontsika ka rehefa mifandray amin'ireny olona entintsika am-bavaka ireny isika dia mahatsapa fiovana eo amin'ny toetrantsika. Tsy maintsy miova ny olona mifandray amin'Andriamanitra. Velona amin'ny andro farany isika ankehitriny, tokony ho fahazarantsika isambatan'olona ny vavaka, ka hataontsika izany na misokatra ny fiangonana na tsia. Aza kivy na oviana na oviana, aza mamoy fo, aza raisina ireo toe-javatra izay toa manambara faharesena. Misy fanantenana rehefa mifantoka amin'Andriamanitra ianao, sy ny fianakavianao.
- (5) Ny fanandrman'i Jakoba dia mampatsiahy antsika fa ety an-tsahan'ady isika, te handrombaka ny fanahintsika i Satana. Ny fanandrman'i Jakoba nandritra ilay alina nitolomany fatratra dia maneho ny fotoan-tsarotra izay tsy maintsy holalovan'ny vahoakan'Andriamanitra mialoha ny fiavian'i Kristy fanindroany. Tamin'ny fahitana masina no nanehoana izany vanim-potoana izany tamin'ny mpaminany Jeremia, ka hoy izy: "Feo mampangovitra no renay; misy tahotra, fa tsy fiadanana... ny tarehy rehetra dia efa tonga hatsatra avokoa? Indrisy! fa lehibe izany andro izany, ka tsy misy tahaka azy. Andro fahoriana ho an'i Jakoba izany, nefa ho voavonjy ho afaka amin'izany ihany izy." (Jeremia 30 30:5-7). Rehefa hitsahatra ny asa fanelanelanan'i Kristy ho an'ny olombelona, dia hanomboka ny fotoan-tsarotra. Amin'izay dia efa voatsara ny fanahy tsirairay, ary tsy misy ra fanavotana hanadio amin'ny ota intsony. Rehefa handao ny toerana maha-Mpanelanelana ny olona sy Andriamanitra Azy Jesosy, dia hisy fanambarana miezinezina hoe: "Izay manao ny tsy marina, aoka mbola hanao ny tsy marina ihany izy; ary izay maloto, aoka mbola hihaloto ihany izy; ary izay marina kosa, aoka mbola hanao ny marina ihany izy, ary izay masina, aoka mbola hihamasina ihany izy." (Apokalypsy 22:11)
- (6) "tahaka an' i Jakoba nofofoin' ny rahalahiny ho faty, dia ho toy izany koa ny vahoakan' Andriamanitra, ho tandindomin-doza noho ny amin' ny ratsy fanahy mitady handringana azy. Ary toy ny nitoloman' ilay patriarka nandritra ny alina mba ho afaka amin' ny tanan' i Esao, dia ho toy izany koa no hitarainan' ny marina andro aman" alina amin' Andriamanitra mba hanafahana azy amin' ny fahavalo manodidina azy. Naharesy i Jakoba satria tsy niova fenitra izy sady naharitra. Ny fandreseny dia maneho amintsika ny herin' ny fivavahana atao amim-paharetana. Izao no fotoana tokony hianarantsika ny atao hoe fivavahana mandresy sy ny atao hoe finoana tsy azo resena. Ny fandresena lehibe azon' ny Fiangonana, na azon' ny Kristiana tsirairay avy. dia tsy mba vokatry ny talenta, na ny fitaizana, na ny harena, na ny tombontsoa avy amin' olombelona tsy akory, fa vokatry ny fivavahana mangina izay natao teo anatrehan' Andriamanitra, tamim-pinoana miredareda sady tsy azo hozongozonina izay mamihina mafy ny herin' ny Tsitoha." (PM, 198)

- (7) Raha izaho no misafidy hoe ho eo amin'ny toeran'ilay zokiny sa ho eo amin'ny toeran'ilay zandriny, dia aleoko eo amin'ny toeran'ilay zandriny, satria amin'ny faran'ny tantara dia vita fihavanana amin-drainy sy amin'Andriamanitra ilay zandriny, fa tsy mba toy izany kosa ilay zokiny. Ilay zandriny dia ao amin'ny Fanjakana, fa ilay zokiny kosa mbola mitarina any ivelany, ary mahatonga olana ho an'ilay zandriny. Very tokoa ilay zandriny teo aloha, tany an-tany lavitra, kanefa ilay zokiny dia very tao an-trano, nijanona tao an-trano izy saingy ny fony kosa dia lavitra ny fon-drainy.
- (8) Ny tokantranontsika dia tokony ho toeran'ny fanantenana misarika ireo mpaniasia mba hiverina hody sy hihavana amin'Andriamanitra. Ny fiangonantsika dia feno zoky lahy sy vavy izay hetsehin'ny Fanahin'Andriamanitra ny fony mba handray ireo mpanota izay miverina ho ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.